

PERIKOPA ALAHADY 16 Jiona 2024
(Péricope du Dimanche 16 Juin 2024)

Salamo / Psaume 139
Ezekiela / Ezéchiel 17 : 22 - 24
2 Korintiana / 2 Corinthiens 5 : 6 - 10
Marka / Marc 4 : 26 – 34

**« Ary hoy koa Izy: Toy izao ny fanjakan'Andriamanitra:
Tahaka ny lehilahy mamafy voa amin'ny tany
ka na matory izy na mahatsiaro, na alina na andro, ny voa dia mitsimoka
ka mitombo ihany, nefa tsy fantany ny faniriny.»**
(Marka 4.26-27)

*« Il dit encore: «Voici à quoi ressemble le royaume de Dieu.
Il est semblable à un homme qui jette de la semence en terre;
qu'il dorme ou qu'il reste éveillé, nuit et jour la semence germe
et pousse sans qu'il sache comment.»*

(Marc 4.26-27)

SALAMO 139 (MRV)

- 1 TOMPO ô, efa nandinika ahy lanao ka mahalala ahy.
- 2 lanao no mahalala ahy na mipetraka aho na mitsangana sady mahafantatra ny hevitra eny lavitra eny.
- 3 Voadinikao aho, na mandeha, na mandry, ary fantatrao tsara ny alehako rehetra.
- 4 Fa indro TOMPO ô, tsy mbola eo amin'ny lelako akory ny teny dia efa fantatrao izy rehetra.
- 5 Manodidina ahy ao aorianako sy eo alohako lanao ary apetrakao amiko ny tananao.
- 6 Fahalalana mahagaga ahy loatra izany; eny, avo loatra ka tsy takatro.
- 7 Aiza no hialako amin'ny Fanahinao? Aiza no handosirako tsy ho eo anatrehanao?
- 8 Na dia miakatra any an-danitra aza aho dia any lanao; na dia manao ny fitoeran'ny maty ho fandriako aza aho dia indro, any lanao.
- 9 Na dia maka ny elatry ny maraina mba honina any am-paran'ny ranomasina aza aho
- 10 dia mbola entin'ny tananao ihany aho, na dia any aza, ary hazonin'ny tananao ankavanana.
- 11 Ary na dia hoy aho aza hoe: Aoka ny maizina hanarona ahy ary aoka ny mazava manodidina ahy ho tonga alina,
- 12 tsia, fa ny maizina aza dia tsy mahamaizina Aminao, fa ny alina dia mahazava toy ny andro ihany ka sahala ny mazava sy ny maizina.
- 13 Fa lanao no nahary ny voako; namolavola ahy tao an-kibon'ny reniko lanao.
- 14 Midera Anao aho fa mahatahotra sy mahatalanjona ny fomba nanaovana ahy. Mahagaga ny asanao ary fantatry ny fanahiko marimarina izany.
- 15 Tsy niafina Taminao ny momba ny tenako fony natao tao amin'ny miafina aho ka noforoninao hisy endrika tany ambanin'ny tany.
- 16 Efa nahita ahy ny masonao na dia fony tsy mbola nisy endrika akory aza aho; voasoratra teo amin'ny bokinao avokoa ny andro voatendry, fony mbola tsy nisy na dia iray akory aza.
- 17 Endre, tsy takatry ny saiko ny hevitrao, Andriamanitra ô! Akory ny hamaron'ny isany!
- 18 Raha hanisa azy aho dia maro lavitra noho ny fasika ny isany; raha mifoha aho dia mbola eo Aminao ihany.
- 19 Haringanao mihitsy anie ny ratsy fanahy, Andriamanitra ô! Mialà amiko, ianareo mpandatsa-dra.
- 20 Manonona Anao ho enti-mamitaka izy; eny, ny fahavalonao dia manonona Anao foana.
- 21 Tsy hankahala izay mankahala Anao va aho, TOMPO ô, ary ho rikoriko amin'izay mitsangana hanohitra Anao?
- 22 Tena halako marina tokoa ireny; fahavaloko ireny.

23 Diniho aho, Andriamanitra ô, ary fantaro ny foko, zahao toetra aho ary fantaro ny eritreritro;
24 zahao na misy lalana mety ahitan-doza ato anatiko, dia tariho amin'ny lalana mandrakizay aho.

PSAUME 139 (S21)

1 Eternel, tu m'examines et tu me connais,
2 tu sais quand je m'assieds et quand je me lève, tu discernes de loin ma pensée.
3 Tu sais quand je marche et quand je me couche, et toutes mes voies te sont familières.
4 La parole n'est pas encore sur ma langue que déjà, Eternel, tu la connais entièrement.
5 Tu m'entoures par-derrrière et par-devant, et tu mets ta main sur moi.
6 Une telle connaissance est trop extraordinaire pour moi, elle est trop élevée pour que je puisse l'atteindre.
7 Où pourrais-je aller loin de ton Esprit, où pourrais-je fuir loin de ta présence?
8 Si je monte au ciel, tu es là; si je me couche au séjour des morts, te voilà.
9 Si je prends les ailes de l'aurore pour habiter à l'extrémité de la mer,
10 là aussi ta main me conduira, ta main droite m'empoignera.
11 Si je me dis: «Au moins les ténèbres me couvriront», la nuit devient lumière autour de moi!
12 Même les ténèbres ne sont pas obscures pour toi: la nuit brille comme le jour, et les ténèbres comme la lumière.
13 C'est toi qui as formé mes reins, qui m'as tissé dans le ventre de ma mère.
14 Je te loue de ce que je suis une créature si merveilleuse. Tes œuvres sont admirables, et je le reconnais bien.
15 Mon corps n'était pas caché devant toi lorsque j'ai été fait dans le secret, tissé dans les profondeurs de la terre.
16 Je n'étais encore qu'une masse informe, mais tes yeux me voyaient, et sur ton livre étaient inscrits tous les jours qui m'étaient destinés avant qu'un seul d'entre eux n'existe.
17 Que tes pensées, ô Dieu, me semblent impénétrables! Que leur nombre est grand!
18 Comment les compter? Elles sont plus nombreuses que les grains de sable. Je me réveille, et je suis encore avec toi.
19 O Dieu, si seulement tu faisais mourir le méchant! Hommes sanguinaires, éloignez-vous de moi!
20 Ils parlent de toi pour appuyer leurs projets criminels, ils utilisent ton nom pour mentir, eux, tes ennemis!
21 Eternel, comment pourrais-je ne pas détester ceux qui te détestent, ne pas éprouver du dégoût pour ceux qui te combattent?
22 Je les déteste de façon absolue, ils sont pour moi des ennemis.
23 Examine-moi, ô Dieu, et connais mon cœur, mets-moi à l'épreuve et connais mes pensées!
24 Regarde si je suis sur une mauvaise voie et conduis-moi sur la voie de l'éternité!

EZEKIELA 17 : 22 – 24 (MRV)

22 Izao no lazain'NY TOMPO Andriamanitra: Izaho haka amin'ny rantsana avo indrindra amin'ny sedera avo ka hamboleko izany; holaingosako ny tendron'ny laingony milenodenoka ka hamboleko ao amin'ny tendrombohitra avo sy milangalanga.
23 Ao amin'ny tendrombohitra avon'ny Israely no hamboleko azy; handrantsana sy hamoa izy ka ho tonga sedera tsara indrindra, ary ny vorona samihafa rehetra dia hitoetra ao aminy; ao amin'ny alokaloky ny rantsany no hitoerany.
24 Dia ho fantatry ny hazo rehetra any an-tsaha fa izaho TOMPO no nanetry ny hazo avo ka nanandraatra ny hazo iva, ary nandazo ny hazo maitso ka nampaniry ny hazo maina; izaho TOMPO no niteny sady nanao izany.

EZECHIEL 17 : 22 – 24 (S21)

22 Voici ce que dit le Seigneur, l'Eternel: « J'enlèverai moi-même une pousse de la cime du cèdre majestueux et je la déplacerai. J'arracherai du sommet de ses jeunes branches une pousse délicate et je la planterai sur une montagne particulièrement haute.

23 Je la planterai sur une haute montagne d'Israël. Elle portera des branches et produira des fruits, elle deviendra un cèdre magnifique. Toutes sortes d'oiseaux y feront leur nid, tout ce qui a des ailes s'abritera dans ses branches.

24 *Tous les arbres des champs reconnaîtront alors que c'est moi, l'Éternel, qui ai abaissé l'arbre qui s'élevait et élevé l'arbre qui était abaissé, qui ai desséché l'arbre vert et fait verdier l'arbre sec. Moi, l'Éternel, j'ai parlé, et j'agirai.»*

2 KORINTIANA 5 : 6 – 10 (MRV)

6 Koa matoky mandrakariva isika, sady fantatsika fa raha mitoetra ao amin'ny tena isika dia mitoetra ivelany ary lavitra ny Tompo,

7 fa finoana no andehanantsika fa tsy fahitana;

8 eny, matoky isika ka aleontsika ny tsy hitoetra ao amin'ny tena fa ny hitoetra ao amin'ny Tompo.

9 Koa dia ataontsika ho voninahitra ny mba hankasitrahany antsika, na mitoetra ao amin'ny tena isika na ivelan'ny tena.

10 Fa isika rehetra dia samy tsy maintsy ho hita toetra miharihary eo amin'ny fitsaran'i Kristy mba handraisan'ny olona rehetra ny valin'izay zavatra nataon'ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara na ratsy.

2 CORINTHIENS 5 : 6 – 10 (S21)

6 *Nous sommes donc toujours pleins de confiance et nous savons que, tant que nous habitons dans ce corps, nous sommes loin de notre patrie, loin du Seigneur,*

7 *car nous marchons par la foi et non par la vue.*

8 *Oui, nous sommes pleins de confiance et nous aimerions mieux quitter ce corps pour aller vivre auprès du Seigneur.*

9 *C'est aussi pour cela que nous nous efforçons de lui être agréables, soit que nous vivions dans ce corps, soit que nous le quittions.*

10 *En effet, il nous faudra tous comparaître devant le tribunal de Christ afin que chacun reçoive le salaire de ce qu'il aura fait, bien ou mal, alors qu'il était dans son corps.*

MARKA 4 : 26 – 34 (MRV)

26 Ary hoy koa Izy: Toy izao ny fanjakan'Andriamanitra: Tahaka ny lehilahy mamafy voa amin'ny tany 27 ka na matory izy na mahatsiaro, na alina na andro, ny voa dia mitsimoka ka mitombo ihany, nefa tsy fantany ny faniriny.

28 Fa ny tany dia manome vokatra ho azy: Voalohany dia misy tahony, avy eo salohiny, ary farany dia salohy feno vary.

29 Ary rehefa masaka eny an-tsaha izy dia atao miaraka amin'izay ny fijinjana fa efa tonga ny fararano.

Fanoharana ny amin'ny voantsinapy

30 Ary hoy Izy: Ahoana no hanoharantsika ny fanjakan'Andriamanitra, ary inona no fanoharana hanoharantsika azy?

31 Tahaka ny voantsinapy izy, izay kely noho ny voan-javatra rehetra raha vao afafy amin'ny tany;

32 fa rehefa voafafy kosa izy dia maniry ka tonga lehibe noho ny anana rehetra, ary mandrantsana vaventy ka azon'ny voromanidina anorenana ny akaniny sy ialokalofany.

Ny fampianarana amin'ny alalan'ny fanoharana

33 Ary fanoharana maro toy izany no nanambaràny ny teny tamin'izy ireo, araka izay azony nohenoina.

34 Tsy niteny taminy afa-tsy tamin'ny fanoharana izy, fa tamin'ny mangingina no nilazany tamin'ny mpianany ny hevitr'ireo rehetra ireo.

MARC 4 : 26 – 34 (S21)

La semence et la graine de moutarde

26 *Il dit encore: «Voici à quoi ressemble le royaume de Dieu. Il est semblable à un homme qui jette de la semence en terre;*

27 *qu'il dorme ou qu'il reste éveillé, nuit et jour la semence germe et pousse sans qu'il sache comment.*

28 *[En effet,] d'elle-même la terre produit d'abord l'herbe, puis l'épi, enfin le grain tout formé dans l'épi,*

29 *et, dès que le fruit est mûr, on y met la faucille, car c'est le moment de la moisson.»*

30 *Il dit encore: «A quoi comparerons-nous le royaume de Dieu ou par quelle parabole le représenterons-nous?*

31 *Il est comme une graine de moutarde: lorsqu'on la sème en terre, c'est la plus petite de toutes les semences qui sont sur la terre.*

32 Mais lorsqu'elle a été semée, elle monte, devient plus grande que tous les légumes et développe de grandes branches, de sorte que les oiseaux du ciel peuvent habiter sous son ombre.»

33 C'est par beaucoup de paraboles de ce genre qu'il leur annonçait la parole, dans la mesure où ils étaient capables de l'entendre.

34 Il ne leur parlait pas sans parabole, mais en privé il expliquait tout à ses disciples.